# Mofonaina 03 Septambra 2024 – Jakoba 5.13-15

**Mofonaina TALATA 03 Septambra 2024**

**Jc 5.13-15**

## 1. NY BOKY

### 1.1. Fandraisan'anjaran'ny tsirairay:

- **Toko:** ?
- **Ny andininy tadidy:** ?
- **Daty nanoratana:** ?

### 1.2. Fanampiny:

- Epistily nosoratan'i Jakoba dia isan'ireo atao hoe Epistily katolika: nosoratana ho an'ny maneran-tany (Jc 1.1).
- Epistily manakaiky ny Katolika satria mivohy ny maha-zava-dehibe ny asa eo amin'ny maha-kristianina, raha toa ka Romana ho an'ny Protestanta.
- **Mpanoratra:** Jakoba, notononina koa hoe "ilay marina," voalazan'ny Soratra Masina fa rahalahin'ny Tompo (Mt 13.55/Mc 6.3). Nitondra ny Fiangonana tao Jerosalema tamin'ny taona 48-62 (Ac 12.17; Ac 15.13-21; Ac 21.18; 1 Co 15.7; Ga 1.19; 2.12). Ny fijoroany araka ny Ac 15.13-21.
- **Antony:** Fampaherezana ireo tratry ny fanenjehana sy ny fahantrana ary ny fahasahiranana samihafa (Jac 1.2-4; Jc 1.12; Jac 2.6-7; Jac 5.4-11; Jac 5.13-14).
- Voamariky ny teny mandidy (54 isa eo ho eo). Lohahevitra miavaka tsy dia misy fifanohizan-kevitra.

## Drafitry ny boky

1. **Jac 1.1**: Fiarahabana.
2. **Jac 1.2-8**: Ny tombontsoan'ny fizahan-toetra.
3. **Jac 1.5-8**: Ny vavaka amin'ny fahatokiana.
4. **Jac 1.9-11**: Ny manana sy ny mahantra.
5. **Jac 1.12-18**: Ny fizahan-toetra ny finoana.
6. **Jac 1.19-2.26**: Ny lojikan'ny finoana sy ny lojikan'ny asa.
7. **Jac 3.1-4.12**: Ny fahendrena azo avy amin'ny finoana aseho amin'ny teny sy amin'ny asa.
8. **Jac 4.13-5.6**: Ny mpanana sy ny fombany.
9. **Jac 5.7-20**: Ny faharetana sy ny fiombonana noho ny finoana.

# 2. FAMARITANA NY TEKSTA

# 3. IREO HEVITRA MANAN-DANJA AZO AVOAKA AVY @ TEKSTA

3.1 Vavaka amin'ny toe-javatra rehetra (Jac 5.13).
3.2 Vavaka amin'ny anaran'ny Tompo (Jac 5.14).
3.3 Vavaka amin'ny finoana.
3.4 Vavaka ao anatin'ny firaisan-kina.
3.5 Ny herin'ny finoana sy ny famelan-keloka (Jac 5.15).
3.6 Ny fifamatoran'ny fahasalamana sy ny famelan-keloka.
3.7 Ny andraikitry ny fiangonana eo amin'ny fitsaboana sy ny fanasitranana (Tsy raharahan'olon-tokana ny fanasitranana).

# 4. FAMPIHARANA FITO: AOKA

4.1 **Aoka** ho feno vavaka isika na amin'ny mora na amin'ny sarotra.
4.2 **Aoka** tsy hamaivanina ny fampaherezana ny marary ara-panahy

sy ara-batana.
4.3 **Aoka** hanamafy hatrany ny fahatokiana (finoana) an'Andriamanitra isika.
4.4 **Aoka** hamafisina ny fiombonam-po amam-panahy ao amin'ny Fiangonana.
4.5 **Aoka** tsy ho adinoina ny mangataka famelan-keloka rehefa mivavaka ho an'ny marary.
4.6 **Aoka** ho zatra hifampizara ao anatin'ny fifampitokisana isika mpino.
4.7 **Aoka** hivelona amin'ny famindrampon'Andriamanitra isika mba ho salama.